

2021/09/05
Sel PW
V
QIA 45



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-45

Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon»

Fivoriana faha-18
Natao ny
Alarobia 2 Jolay 2025
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël

MIPITANTSORATRA: Andriamatoa isany : - MILAVONJY Andriasy Philobert
- RAHOLIJAONA Harison

Isan'ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana : 23 ; tsy tonga : 140 ; voaalatsiny : 00

FOTOANA: Alarobia 2 Jolay 2025, tamin'ny 4 ora sy 40 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinhana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon».

Nitohy ny Alarobia 2 Jolay 2025, tamin'ny 4 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoran'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'i Toliara no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa RAOLIJAONA Harison.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpitasntoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany, mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-dalàna.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 1 Jolay tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firisankina nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon».

Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana tonga nivory:

Andriamatoa isany,

- 1. RAJAOBELINA Lova Herizo**
- 2. FIAROVANA Lovanirina Célestin**

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna.

Tsy nisy tonga ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaïsankina.

Andriamatoa FIENENA Richard Désiré no Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana

Ireto kosa ireo Loholona tonga nanatrika ny fivoriana:

Andriamatoa isany,

- 1. RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel**
- 2. TIANDAZA Dinaraly Odilon**

Ireto avy ireo teknisiana tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|-----------------------------------|------------------------------------|
| 1. RANDRIANJAFY Cedrick M. | CS/MinSan |
| 2. ANDRIAMANAMBELO Olivier | CS de la législation/MinSan |
| 3. RAKOTOMALALA Jacques | DLE/SENAT |
| 4. RABETALIANA Rova H | DG/MPS |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny Loholona nanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa ny andininy faha-115 ao amin'ny "Code de la Santé" no nitondrana fanovàna. Nohazavainy fa ity andininy hitondrana fanovàna ity dia mahakasika ny firaiketana an-tsoratra ireo fanafody miavaka na "spécialité pharmaceutique". Fantatra fa manana toerana lehibe tokoa ny fanafody amin'ny fampivoarana ny fahasalama-bahoaka ka tsy tokony hatao ambanin-javatra ny fanaraha-maso ny kalitao sy ny fomba fampiasana ireo fanafody mialohan'ny famarotana azy ireo.

Marihana anefa fa misedra olana goavana ny sehatra famatsiana fanafody (secteur pharmaceutique) eto Madagasikara amin'ny famatsiana fanafody manokana (médicaments

de spécialités), ka noho izany dia misy ireo fahavoazana na “risque” fohy, antonony sy lavitra ezaka aterak’izany eo amin’ny sehatry ny famatsiana fanafody. Ankehitriny dia miisa 2 500 ireo tolatra fanafody entina mitsabo eto Madagasikara izay hita fa tsy ampy satria tamin’ny taona 1980 dia maherin’ny 5 000 izany. Mifanampy amin’izany ireo fanafody 750 antsoina hoe “compléments de gamme” izay misy amin’izao fotoana izao.

Ilaina noho izany ireo fanafody manokana ireo kanefa dia misedra olana ny “enregistrement” eto an-toerana noho ny tsy fazotoan’ireo “laboratoires” manao ny “enregistrement”.

Tsara marihana fa politika ankabopen’ny fahasalamana ny fahazoan’ny daholo be ireo fanafody izay ilaina eny amin’ireo faritra rehetra ary tokony ho takatry ny besinimaro ihany koa izany.

Noho ireo antony ireo no nanolorana ity Tolo-dalàna ity mba hanamafisana ny Lalàna efa misy eto an-toerana ka ahafahana miantoka ny famatsiana marin-toerana ireo fanafody manokana na “médicament de spécialité”. Eo ihany koa ny fanajana ireo fenitra amin’ny hatsarana sy ny antoka ara-pahasalamana izay mifanaraka amin’ny Velirano laharana faha-5 izay manome antoka ny fahasalamana ho an’ny daholobe sy ho an’ny salan-taona rehetra.

Miisa efatra ny tanjon’ity Tolo-dalàna ity, ka ireto avy izany:

- Ampiakarina ho 4 000 ny tolatra fanofody voasoratra ara-dalàna sy misitraka ny tolatra “autorisation de Mise sur le Marché” (AMM);
- Hatsaraina ny fahazoana ireo fanafody manokana mba hampihenana ny fahavoazana amin’ny tsy fahampiam-panafody ary hatsaraina ihany koa ny fandraisana an-tànama ireo marary;
- Homena fitsipika lasitra marin-toerana sy mitsinjo lavitra ireo mpanondrana sy mpaninjara fanafody fa apetraka kosa ny fanarahama-maso hentitra amin’ny kalitaon’ny fanafody;
- Famaliana ireo sedra mianjady amin’ny sehatry ny fahasalamana ary omena antoka ny fahazoan’ireo Malagasy rehetra fanafody mitovy.

Rehefa izay dia niroso tamin’ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA AVY AMIN’NY MPIVORY:

- Misy « errata » eo amin’ny Tolo-dalàna ka tsy andalana faha-10 no izy fa andalana faha-11;
- Tokony hapetraka ny «critère de prix» ho an’ireo fanafody hafarana. Tokony hisy ny fifanarahana eo amin’ny Firenena samy Firenena hamaritana ny vidin’ny fanafody;
- Tokony hentanina ny olona tsy hividy fanafody eny amoron-dàlana satria mety hiteraka olana ara-pahasalamana izany.

Rehefa izay, niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA SY VALINY:

- 1- Inona no atao momba ireny fanafody tsy manaraka ny fenitra ireny?
- Tsy tokony hividy fanafody izay tsy ahitana “traçabilité”. Ny “pharmacovigilance” no miantoka izany.

2- Ireto fanovàna natao ireto ve tsy tokony ho natao tany amin'ny famaritana?

- Raha ity Lalàna laharana faha-2011-002 “portant Code de la Santé” ity dia tsy maninona satria miparitaka ny famaritana ao anatiny, fa raha Lalàna hafa dia tokony ho any no misy azy.

3- Inona no atao an'ireo mpivarotra fanafody tsy ara-dalàna?

- Tokony handraisana fepetra ireo mpivarotra fanafody tsy ara-dalàna satria ho lasa toy ny any “Haïti” isika, ka tsy hahazo fanafody amin'ny mpamogady fanafody iraisam-pirenena intsony.

Taorian’izany dia niroso tamin’ny fandaniana ny Tolo-dalàna isan’andininy ny mpivory.

Tsy nitondran’ny mpivory fanovàna sy fanitsiana ny Tolo-dalàna.

Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorin’izay, niroso tamin’ny fandaniana amin’ny ankapobeny ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon» ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr’isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny voalaza ao amin’ny andininy faha-55 amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian’izay dia nolian’ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin’ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha 004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant Code de la Santé, présentée par Messieurs les sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon » ary hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan- kevitra farany.

Nifarana tamin’ny 6 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an’Andriamatoa Mpampakateny tamin’ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin’ny fanitsiana na fanamarihana momba ny tatitra novakiana teo ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAJAobelina Lova Herizo, nambarany fa misy fanitsiana ny anaran'ny Vaomiera nivory : Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy Fandrindrana ny Fianam-pianakaviana no izy fa tsy Fandrindram-pahaterahana. Izay no any anaty Fitsipika Anaty mifehy antsika.

Taorian'izay, samy tsy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana ny Loholona nanolotra ny Tolo-dalàna mba hanazavany momba izany.

Nanambara Andriamatoa RAKOTONDRAINIBE Andrianatenaina Michel fa ny fanovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL manova sy mamenno ireo fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2011-002 tamin'ny 15 Jolay 2011 momba ny fehezan-dalàna mikasika ny fahasalamana izay atolotray Loholoni Madagaskara mirahalahy dia Tolo-dalàna manova ny andiny faha-115 amin'ny fehezan-dalàna momba ny fahasalamana mba hanatsarana ny lalàna mifehy ny fivarotam-panafody eto amintsika.

Fatantry ny rehetra fa anisany andry iankinan'ny fahasalamana vahoaka ny fanafody varotana amin'ny fomba ara-dalàna. Ilaina noho izany ny fanajana ny fenitra alohan'ny hivarotana azy eny an-tsena ka ahazoana antoka amin'ny kalitaony, ny fahazoana alàlana ara-dalàna ara-barotra AMM araka ny voalaza tamin'ny tatitra teo na ny «Autorisation de Mise sur le Marché».

Ankehitriny, fanafody karazany 2 500 no voasoratra ara-dalàna eto amintsika ary nampiana lisitra manokana miisa 750 atao hoe «compléments de gamme» izy ireo. Tsara marihana fa ireo fanafody «compléments de gamme» ireo dia angatahana «autorisation d'importation exceptionnelle» isan-taona eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamana.

Amin'ireo fanafody karazany 2 500 ireo, 620 monja no sisa antsoina hoe «de spécialités» nahazoan-dàlana mikasika ny AMM. Tsara homarihana fa tamin'ny taona 1980-1990 dia niisa 5 000 ireo karazam-panafody nahazoana alàlana tamin'ny AMM ireo. Ny dikan'izany, tamintsika mbola nanana 5 000 karazana dia tsara toerana tamin'io AMM io. Amin'izao fotoana izao kosa, ireo 620 ireo sisa no voasoratra ahaozana alàlana eto Madagaskara amin'ny fivarotana azy. Izany hoe, nisy fihemorana isika raha mitaha amin'ireo firenena Afrikana. Raha adika amin'ny fomba hafa, naharaka ny fahazoan-dalàna amin'io resaka AMM io isika taloha. Ho an'ny firenena Afrikana «Francophone», any aminy dia 4 000 hatramin'ny 6 000 eo ho eo ny azy no mahazo an'io AMM io. Ho an'ny firenena Ivoariana dia manana karazana hatramin'ny 8 000 mihitsy ry zareo amin'izao fotoana izao. Mitovitovy ihany koa ny isan'ny mponina eto amintsika sy ny any aminy, raha 30 Tapitrisa ny azy, manodidina ny 28 Tapitrisa kosa ny mponina eto amintsika. Amin'izao fotoana izao, misy fahabangana ny famatsiana fanafody «de spécialités d'urgence» sy ny «générique de marque» eto amintsika. Noho izany, mila fandaminana mazava sy maharitra isika ho fiatrehana ny mety ho krizy na tsy fahampiana ara-panafody mety hiseho eto an-toerana.

Eo anatrehan'izay, zavatra telo lehibe no tena kendren'ny fanovàna entin'ity Tolo-dalàna ity : Voalohany, fanatsarana ny fahazoana ny fanafody « de spécialité » eto amin'ny firenena ; Faharoa, fampitomboana ny isan'ny fanafody sy ny famatsiana izany;

Fahatelo, fanomezana antoka ara-dalàna sy ara-kalitao ho an'ny mpanafatra, ny mpaninjara ary indrindra fanomezana fahafahana ny vahoaka mba hisitraka ny fanafody rehetra izay ilainy.

Ity fanovàna entinay mirahalahy momba ny Tolo-dalàna ity dia hanampy amin'ny fahatanterahan'ny hoe fahasalamana ho an'ny daholobe sy ho an'ny sokajin-taona rehetra.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Loholon'i Madagasikara tamin'ny famelabelarana nataony, Andriamatoa Mpitarika favoriana dia niangavy ny hanaovany ny fampahafatarana azy mirahalahy.

Refaha izany, nanao ny fampahafatarana azy izy ireo. Nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel ary nanambara fa Loholon'i Madagasikara izy no sady Doktera Farmasiana ihany koa.

Andriamatoa TIANDAZA Dinaraly Odilon kosa, nilaza fa mpitsabo mpandidy ao amin'ny Hopitalibe any Mahajanga ary voafidy ho Loholon'i Madagasikara, Faritanin'i Mahajanga koa.

Taorian'izay, nomena fitenenana, Andriamatoa TIANDAZA Dinaraly Odilon, raha mbola misy tiany hambara mikasika ny Tolo-dalàna natolotr'izy ireo.

Nambarany fa zava-dehibe ity Tolo-dalàna ity satria ny fahasalamana no loharanon-karena ho an'ny rehetra. Raha tsy salama dia tsy hisy zava-bitu ary tsy hisy fandrosoana ho vanona ao amin'ny ankohonana, indrindra ho an'ny firenena. Izany hoe, ilaina ny haha tongalafatra ny fitsaboana eto amintsika.

Fanampin'ny voalazan'ny namana mpanolotra ny Tolo-dalàna teo, ahitana andry telo lehibe mifampiakina ao anatiny dia ny mpitsabo farmasiana, ny fanafody ampiasaina ary koa ny fitaovana entina mitsabo ny marary mba hahazoany fahasalamana.

Nambarany ihany koa fa misedra olana goavana ny mpitsabo, indrindra fa ny «spécialiste» any amin'ny CHU sy ny CHRD amin'ny fanafody «générique» tokony halefa any amin'ny CSB any ambanivohitra. Ny antony, rehefa tonga amin'ny sehatra ambonimbony ny fitsaboana, tsy ampy ny fanafody, indrindra ho an'ireo «de spécialité» ka mety hiteraka fitombon'ny fahafatesana izany. Tsy maintsy manafatra fanafody avy any ivelany isika kanefa ela vao tonga ary lafo koa ny vidiny.

Ireto manaraka ireto koa anefa mbola mahatonga ny taham-pahafatesana ho ambony : ny tsy fisian'ny fanafody, ny tsy fahafahana mividy azy rehefa tonga eto an-toerana. Izany hoe, tokony hisy fanafody «de spécialité » azon'ny marary sitrahana amin'ny fomba tsotra amin'ny fitsaboana azy.

Fanatsarana ny «prise en charge» ho an'ny marary koa no anisany nanolorana izao Tolo-dalàna izao.

Fisaorana no natolony ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalamana noho ny zava-bitu hatramin'izay sy ny fiaraha-miasa misy eo amin'ny Antenimiera roa tonta.

Nanentana ny Solombavambahoaka rehetra koa ny tenany mba handany ny Tolo-dalàna natolotr'izy ireo no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy ireo koa, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny famelabelarana ny Tolo-dalàna natolotr'izy mirahalahy.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha misy tiany hambara.

Fisaorana tamin'ny fanomezana fitenenana azy no nataon-dRamatoa YASMINE Lethicéa Lydia, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka raha nandray fitenenana.

Nomarihany teny ampiandohana fa dokotera ihany koa ny tenany ka tsy vaovao aminy ny fanolorana Tolo-dalàna mikasika ny fahasalamana toy izao.

Mitondra ny tenin'ny Governemanta araka ny toromariky ny «Conseil du Gouvernement» izahay raha mandray fitenenana eto, hoy izy. Raha ny marina, tamin'izany Filankevitra izany dia efa nampidirina tao fanolorana Volavolan-dalàna mavesa-danja ho ety amin'ny Antenimierampirenena ny «Code de la Santé» saingy ity Tolo-dalàna ity natolotr'izy Loholona mirahalahy ity no nialoha lèlana izany. Fanatsarana daholo no zava-kendrena ao anatin, ka isaorana azy ireo ny fanolorana izao Tolo-dalàna izao.

Ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia manohana tanteraka an'ity «Proposition de Loi» ity mba ahafahana manatsara ny famatsiana ny fanafody amin'ny ankapobeny eto amintsika sy hoentina ihany koa hanatsarana ny fahasalamam-bahoaka amin'ny alàlan'ny fandraisana an-tànana ny fahasalamaman'ny marary.

Koa manentana anareo Solombavambahoaka mba handany izao Tolo-dalàna izao.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nanambara fa samy manana ny mahaizy azy izy roa lahy mpanolotra ny Tolo-dalàna, ny iray mpitsabo mpadindy, ny iray kosa dokotera farmasiana, ny fahatelo nandray fitenenana dia mbola dokotera ihany koa dia Ramatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana teo. Koa aleo isika hanao tsangan-tànana mba handany ny Tolo-dalàna mba tsy hahavery fotoana intsony.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard kosa, nanambara fa manentana ny namany Solombavambahoaka mba handany ity Tolo-dalàna ity.

Araka ny voalazan'ny tatitra teo, tamin'ny taona 1980 dia nahatratra 5 000 no isan'ny «références» teto amintsika. Ankehitriny kosa, latsaka be izany; ny an'i «Côte d'Ivoire» amin'izao fotoana izao dia mahatratra 8 000 ny azy no isan'ny «références». Nihemotra izany isika raha mitaha amin'ny azy. Inona no antony nahatonga ny antsika Malagasy nihemotra toy izany.

Inona no fepetra raisina amin'ireo fanafody tsy manara-penitra alohan'ny hanjifana azy. Valiny, tsy tokony hividy fanafody tsy ahitana «traçabilité» ny mpanjifa raha azo atao. Ahoana anefa no fomba hahalalan'ny mpanjifa an'izany.

Inona ihany koa no tokony hatao amin'ireo mpivarotra fanafody tsy manara-dalàna izay feno eran'ny elanelan-trano eto amintsika, indrindra any ambanivohitra. Tsy mandray andraikitra ve ianareo, fa tsy tokony hisy an'izany intsony raha ny lalàna velona no arahana.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fisaorana ny Loholona roa lahy nitondra fanatsarana ny Lalàna mifehy ny Fahasalamana tamin'ny alàlan'ity Tolo-dalàna ity no nataony ary nanentana ny Solombavambahoaka mba handany izany ny tenany.

Nomarihany koa fa zavatra roa no tiany hotsindriana hanampiana ny fanatsarana ny Tolo-dalàna.

Voalohany, ny lisitry ny fanafody « de spécialité » ampidirina eto amintsika. Momba izay indrindra, tokony hisy fakana ny hevity ny Dokotera manam-pahaizana manokana mpikambana ao amin'ny Holafitry ny Dokotera na ny « Ordre des Médecins » handrafetana io lisitra io alohan'ny hanafarana fanafody. Ny antony, maro amin'izy ireo no mitaraina fa tsy mahazo an'izany fanafody izany kanefa ny fitsaboana tsy maintsy atao. Rehefa tsy misy ny fanafody, tsy voatsabo ihany koa ny marary. Ny vokatr'izay, mety ho fahafatesana.

Eo anatrehan'izay, tokony hantsoina hivory izy ireo ka avy amin'izay no amintinan'ny Minisitera ny filàna ara-panafody amin'ny toerana samihafa mba hamahana ny olana amin'ny tsy fahazoana fanafody any amin'izy ireo.

Nomarihany koa fa dokotera «anesthésiste» ny tenany ary niasa tao amin'ny Hopitaly Ravoahangy na HJRA tamin'izany fotoana izany. Raha sendra misy fandidiana atao ka ry zareo sinoa no manao izany, vetivety dia mifoha ny marary. Raha izahay kosa no mampatory azy alohan'ny handidiana sy mamoha azy aorian'izany ; tsapa fa ela vao mifoha ny marary. Raha atao ny fanoharana amin'ny fanafody ampiasaina, toa lasa hoe izahay no tsy mahay. Eo no mampanontany tena hoe, fampatoriana hafa ve no nampiasany sa izahay no tsy mahay araka ny voalaza teo. Tsy mino an'izany raha ny tenako manokana satria samy nahavita fianarana momba ny fitsaboana.

Ohatra amin'izany, mbola vao 5 taona monja no nampidirana ny « séoflurane » teto amintsika izay fanafody fampatoriana alohan'ny handidiana ny marary. Afaka 10 segondra dia matory avy hatrany ny marary. Marihana fa amin'ireo hopitaly lehibe no mbola ampiasana azy.

Ho an'ireo hopitaly fandidiana sasany, mbola ny «halothane» no ampiasaina hatramin'izao izay azo lazaina fa efa nilaozan'ny toetr'andro raha ny fampatoriana marary no resahana. Tara fifohazana ny marary ka lasa miteraka ahiahy ho anay dokotera «anesthésiste» mandrapifohany. Izany hoe, raha fanafody «de spécialité» no resahana, ny hopitaly lehibe no mahazo tombony. Inona no fepetra tokony horaisin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana mba hanomezan-dàlana ny fanokafana ny «dépôt de médicament » any ambanivohitra. Ny antony, misy dokotera anie any saingy ny fanafody no tsy ampy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RABEHARISON Bernardin, nanambara fa efa lany ity Tolo-dalàna ity, saingy izay mila fanatsarana no hatsaraina.

Somary mifanipaka kely amin'ity Tolo-dalàna ity no fitenenana manaraka. Izany hoe, fangatahana no hatao. Raha ny marary any ambanivolo, maro no maty eny an-dàlana noho ny halaviran'ny toeram-pitsaboana sy fivarotam-panafody. Raha mahita fanafody, vitsy ny mpivarotra no mampitrosa, mbola resaka hafa koa ny handoavana ny vidim-panafody.

Tokony hojerena izay toe-javatra izay fa sahirana ny olona any ambanivohitra rehefa tojo tsy fahasalamana. Ianareo ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana no angatahana ny hisorohana izany fahasahiranana izany.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina kosa, nanambara fa zava-dehibe ity Tolo-dalàna ity ary misaotra ny Loholona mirahalahy izay nitondra izany.

Momba ny resaka fanafody, raha tsy mamelona dia mamono, indrindra noho ny fisian'ny fanafody miparitaka tsy fanta-pihaviana kanefa ny olona tsy maintsy mividy ihany satria marary. Marihana, fa maro no efa niharan-doza tamin'ny fihinanana izany. Ho anareo ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, mba andraiso fepetra manokana izany satria betsaka ny olona tsy manan-tsiny no mamoy ny ainy noho ny tsy fahafahana mitsabo ny marariny. Lasa manao dokotera tena izy ireo kanefa ny ainy no takalon'izay.

Mikasika ireo fanafody tsy fanta-pihaviana miditra eto amintsika ; ekana fa manavotra ain'olona ny fisian'ny «Dépôt de médicament» kanefa ny olana, ny toerana efa misy «pharamacie» dia mbola ahitana azy ireny ihany. Ohatra amin'izany eto Antananarivo, eny Ambohipo sy Ambolokandrina dia ahatarafana izay zavatra izay. Loza ho an'ny vahoaka ny fisian'izany ka mila hentitra ianareo ao amin'ny Minisitera. Ny antony, lasa « business » na fitadiavam-bola tsy ara-dalàna izany. Arakan y voalaza teo, mila hentitra ianareo ao amin'ny Minisitera.

Ho anay manokana dia mankatoa ka handany ity Tolo-dalàna ity, izay no namaranany ny fitenenana.

Andriamatoa DINAH Romual kosa nanambara fa tsy tokony hiadian-kevitra intsony ity Tolo-dalàna ity fa ho lany. Isaorana azy mirahalahy nanolotra azy, tahaka izay koa ny Minisitera izay efa nieritreritra hanao Volavolan-dalàna mifanandrify tamin'ity.

Tsy vita indray andro na iray taona ny fanatsarana tiana hatao. Ny fahamahana olana koa dia mila mahafantatra ny fototr'olana. Miady amin'ny fivarotana fanafody tsy ara-dalàna eny anelanelan-trano isika mba hitsinjovana ny mpanjifa. Koa manentana anareo teknisianan'ny Minisiteran'ny Fahasalamana mba hanapariaka sy hampanara-dalàna ny fivarotana fanafody na «Dépôt de médicament» eny anivon'ny Kaominina sy toerana tokony hila an'izany. Inona no fomba hanitarana azy. Hamoraina ny antontan-taratasy ahafahana manorina «Dépôt de médicament» mba hifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka ny fanafody amidiny.

Fanentanana ny Solombavambahoaka namany mba handany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo kosa nanambara fa amin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana no andraisany fitenenana.

Nomarihany fa nisy asam-baomiera natao omaly niadiana hevitra mikasika ity Tolo-dalàna ity. Hafa ihany ny manana fanafody maro isafidianana noho ny tsy misy. Eo anatrehan'izay, mila mitandrina amin'ny fampidirana fanafody amin'ny toerana iray. Efa nodinohana izany ka izay no mahatonga ny tenanay miteny hoe : andao holaniana ity Tolo-dalàna ity.

Isaorana koa ny finiavan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny famolavolana ny «Code de la Santé» nohatsaraina izay ho avy tsy ho ela eto amin'ny Antenimierampirenena. Mifandraika amin'izay ihany, efa lany teto ny lalàna laharana faha-2016-058 momba ny «Fonds National de Vaccination» izay mbola tsy nisy «décret d'application» hatramin'izao, kanefa azo lazaina fa mifampiankina amin'ny «Code de la Santé» koa izany. Iriana ny hahatongavan'ity farany eto amin'ny Antenimierampirenena amin'ny volana Oktobra raha azo atao ary hampidirina amin'ny lahadinika izany.

Andriamatoa RESAMPA Ramanohy André Hajaharimalala Organès kosa, naneho fisaorana an-dRamatoa Sekretara Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka satria nanambara ny fitoviam-pijerin'ny Minisitera sy ny mpanolotra ny Tolo-dalàna ny tenany. Ankasitrahana izay fitovian-kevitra izay.

Nilaza ny tatitra teo fa ilaina ny fanafarana fanafody manokana kanefa misedra olana ny «enregistrement» eto an-toerana. Ny hamahana izay olana izay no iangaviana ny Minisitera mba hanamorana ny fidiran'ny fanafody « de spécialité » eto amintsika. Ny antony, mety ho maro ny aina voanvonjy amin'ny fisitrahana ireo fanafody ireo.

Manoloana izany, mitaona ny namana mba hanadany ity Tolo-dalàna mikasika ny fanatsarana ny Fahasalamana ity.

Taorian'izay, nanambara, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, omena ny Loholon'i Madagasikara ny fitenenana mba hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAKOTONDRAINIBE Andrianantaina Michel, nanambara fa misy firaissankina tokoa eo amin'ny Solombavambahoaka sy ny Loholona raha ny fipetraky fanontaniana sy fanamarihana teo no aravona. Mitombina daholo izany satria fitsinjovana ny vahoaka Malagasy.

Nambarany koa fa tamin'ny taona 1980, nahatratra 5000 no karazan'ny tolotra fanafody nentina nitsabo. Ankehitriny kosa nidina ho 2500 izany ary tsy ampy mihitsy na dia nanampy fanafody antsoina he : « compléments de gamme » isika.

Araka ny fantatra, ny «laboratoire» dia tsy mazto loatra amin'ny fanaovana « enregistrement » kanefa iankinan'ny politikan'ny fahasalamana ny daholo ben y fanafody itsaboana azy ; ao anatin'izany koa ny politika itantanana ny fanafody eto amintsika. Tamintsika nanana tolotra miisa 5000 ho an'ny «de spécialité», napetraka ny «ethique» na tsy mbola nisy aza ny «Autorisation de Mise sur le Marché» na ny AMM, fa «Direction de Laboratoire Pharmaceutique (DLP)» no nisy. Tamin'izany, mora ho an'ny «laboratoire» no nampiditra fanafody teto amintsika.

Misy fepetra maro takian'ny mpanamboatra fanafody amin'ny firenena ira ; ao ny lalàna mikasika ny fahasalamana ohatra. Ny zavatra tsapa anefa, nidina ny fahitana tahampahasalamana amin'ny akapobeny. Amin'izao fotoana izao, raha 30 Tapitrisa ny vahoaka Malagasy, mbola 350 no isan'ny farmasia eto amintsika. Ao amin'ny firenena iray, ny « laboratoire » dia mikatsaka ny «rentabilité» ho azy, toy ny «rentabilité thérapeutique » ho an'ny marary.

Fanampin'izay, ny mpitsabo ao amin'ny firenena iray koa mila mahafantatra ny mponina ao aminy sy ny aretina mpahazo ny vahoaka. Raha ny eto amintsika, ny tazomoka no tena mpahazo ny Malagasy sy mahafaty olona betsaka.

Misy ihany koa ny «rentabilité financière» tadiavin'ny «laboratoire». Araka ny voalaza teo, 30 Tapitrisa no isan'ny Malagasy kanefa ny «chiffres d'affaires du marché public» sy ny «marché privé» raha atambatra dia eo amin'ny «120 à 150 Millions d'Euros» ao anatin'ny iray taona. Raha manao fampitahana amin'ny farmasia any ivelany isika, farmasia miisa 15 eo ho eo dia efa mahita an'ireo tarehimarika ireo.

Momba ny hoe : tokony hampivory ny «spécialistes» isika vao manafatra fanafody. Tsy manafatra fanafody isika afa-tsy izay nahazo alàlana amidy eto an-toerana. Tamin'ny taona 1972 hatramin'ny taona 1975 dia voalaohany isika tamin'ny fananan tolotra tamin'ny fanafody ilaina. Amin'izao kosa, farany indrindra isika. Raha oharina amin'i « Haïti » isika, tsy manana «laboratoire de spécialité» izy ary mahalala an'izany «doliprane » sy « efferalgan» izany ry zareo satria « générique » Indiana sy Sinoa ireo. Izany hoe, raha te-hampandroso ny fahasalamana isika dia tsy maintsy manana «volonté politique», ary manana «capacité d'écoute» ihany koa na mitovy ny fijery na tsia. Tsy atao sakana ho an'ny fampandrosoana izany. Efa 13 ho taona no nieritreretana ny hanolotra izao Tolo-dalàna izao tany amin'ny Minisitera ; maro ny Minisitra efa niresahana azy ity, kanefa amin'izao taona 2025 izao vao tanteraka. Maniry tahaka anreo koa izahay mba hodinihana amin'ny fivoriana amin'ny volana Oktobra ho avy izao ny «Code de la Santé» satria samy fanatsarana ny fahasalamana avokoa no tanjona amin'izany.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamtoa Loholona, Andriamatoa Mpitarika fivoriana no sady nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola misy teny hataony.

Raha nandray fitenenana ny Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, Ramatoa YASMINE Lethicéa Lydia, nanambara fa rehefa nalefa tany amin'ny Primatiora ny drafitra momba ny fampiharana ny fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka dia ny Minisitera no mitantana ny «comité multisectoriel» amin'izany, ka ahitana solotena avy amin'ny Solombavambahoaka ao anatiny. Marihana fa amin'ny Talata 8 Jolay 2025 ho avy izao, hisy fivoriana mikasika azy ity, koa manentana ny Solombavambahoaka mba hanatrika izany.

Amaraanana ny fitenenana, mitaona anareo Solombambahoaka ihany koa mba handany ity Tolo-dalàna ity ny tenanay.

Rehefa avy nisaotra ny solotenan'ny Governemanta sy ny mpandray fitenenana rehetra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambra fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy mikasika ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy misa 4 ity Tolo-dalàna ity.

Famelabelarana ny antonantony : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny famelabelarana ny antonantony.

Andininy voalohany : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy voalohany.

Andininy faharoa : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faharoa.

Andininy fahatelo : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy fahatelo.

Andininy fahaefatra : lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy fahaefatra.

Taorian'ny fandaniana isan'andininy, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka miisa 23 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2025/SENAT/PPL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant code de la santé présentée par Messieurs les Sénateurs de Madagascar RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel et TIANDAZA Dinaraly Odilon».

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna natolotr'izy ireo no nataon'Andriamatoa RAKOTONDRAINIBE Andrianantenaina Michel, Loholona nisolotena azy mirahalahy raha nomena fitenenana.

Nambarany fa nampiseho fatiavan-tanindrazana tokoa ny olom-boafidy tamin'izao fandaniana izao satria ny fahasalamana no voaloharanon-karena amintsika malagasy.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fanadaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana. Koa rahampitso Alakamisy 3 Jolay 2025 amin'ny 10 ora, maraina, ato amin'ny «salle des séances» hisy fivoriambe momba ny «mise en œuvre de la stratégie de lutte contre la corruption 2025-2030, organisé par le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI) et les autres organismes anti-corruption».

Amin'ny 10 ora, maraina, ihany dia hisy ny fivoran'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ; amin'ny 11 ora, atoandro, ny fivoriana ny «Conférence des Présidents» ary amin'ny 12 ora, atoandro, fivoriambe handinihana izay mety ho volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Koa manentana ny Solombavambahoaka mba hazoto hanatrika izany fivoriana izany.

Niato tamin'ny 8 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

